


FILAZANA MANJO

Noho ny fihavanana dia mampandre anareo izahay fa niamboho ny hava-malalanay

**ANDRIAMPARANY**
**Doudou Michel**

Ny 31 Oktobra 2016 teo amin'ny faha 65 taonany

**Hoy :**

**Ny vadiny** : ANDRIAMPARANY RAKOTOARIMALALA Mbolanirina

**Ny reniny nitaiza azy** : RAFALIMANANA Hermine

**Ny zanany** : ANDRIAMPARANY Kikih sy Michèle
TRIBALLIER Thomas sy Sylvia

**Ny zafiny** : Loïc, Cindy, Mathieu, Linda

**Ny iray tampo aminy sy ny iray tampo amin'ny vadiny**

**Ny Havany / Ny mpanakanto rehetra / Ny Fiangonana / Ny fikambanana sy ny orinasa**

Ny nofony dia ho entina miala ny tranony Lot **ITF 63 Ter Ambaniala Itaosy** ny **Alakamisy 03** Novambra 2016 hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny **FJKM Amparibe Famonjena** amin'ny **10 ora maraina** mialoha ny hanafenana azy ao amin'ny fasan-drazany eny **Ambohijatovo Antanifisaka**.

**Ity no solon'ny fampandrenesana**

Tonon-kiran'i Jérôme Randria , namorona ny tarika Ny Railovy io nataoko lohaten'ity lahatsoratra fahatsiarovana ity namako ity. Ary hirain'i Doudou Michel ho fahatsiraovana an'i Ra-Jeroma. Fa nanomboka tamin'ny Alatsinainy 31 Oktobra 2016 dia niatrà tamin'i Doudou Michel izy io satria dia nandao ity tany fandalovana ity ny namako Andriamparany Michel na i Doudou Michel izay afantarana azy eo amin'ny sehatry ny kanto tena malagasy.




Mifankahalala tsara izahay ary saika niara-vita ny aminay tao Ankazobe, taona maro lasa izay fa tsy noresahinay mihitsy. I Papaye ao amin'ny tarika Iraimbilanja no vavolombelona izany loza fifamoivozana izany. Taxi-brousse io. Avy tany Mahajanga izahay nandamina ilay seho sehatra hoe *«Fitiavana marina»*. Natory ilay mpamily ary nifatratra tany anaty tatatra ny fiara. Raha teny amin'ilay ilany ankavan-dalàna aloha -izay antsana be- dia tsy eto aho mitantara izany. Tsy izay anefa ny lahatra fa dia ny 31 Oktobra teo izany i Doudou Michel no nialoha ahy. Ka na inona ny antony naha lasa azy dia izay ny tena lahatra, na dia mbola nanantena daholo isika rehetra....

Fa be ny vitany teto an-tany na tsy dia re sy fantatra firy aza. Zokiko telo taona izy ary misaotra an'Andriamanitra isika rehetra izay mba afaka nifanerasera taminy teto an-tany, teo amin'ny lafiny rehetra, na tsara na ratsy.




Mponina ao Besarety izy. Be ny tokony atao eo amin’ny lafiny ara-sosialy ao amin’io fatitra ao anatin’ny boriboritany faha-3 eto Antananarivo io. Ka dia nanangana ny AFABE i Doudou Michel. Io fikambanana io dia ***«Association Familiale de Besarety»*** no dikany. Be ireo asa soa vitany ary maro no afaka mitsangana vavolombelona amin’izany. Tsapany anefa fa tsy ampy izay sehatra izany afahana mitondra ny tenin’ireo vahoaka tsy mba misy mpiahy firy. Ka dia niditra teo amin’ny sehatry ny politika izy. Tsiahivina eto, na dia mirediredy lava ny mpitondra ankehitriny fa ny atao hoe politika dia midika hoe fomba fitantanana araky ny teny latina *«politicus»* sy teny grika *«politikos»* mifandray amin’ny fomba itantànana tanàna (*«Cité»*) sy ny mponina ao aminy. Taty aoriana dia nivelatra eo amin’ny fomba fitondrana firenena iray manontolo. Izany hoe rehefa mpitondra dia manao politika fa tena resaka adala ity hoe “misy ambadika politika” isaky ny miteny sy manohitra ny olona. Ry zareo ao amin’io antoko Hvm io no tsy mahay izany ka dia tena miteniteny foana tokoa.












**... fehi-tendany misy pitipoa (*«cravates à pois»*)**

**... Gilbert Bécaud 1960**